Mifikira amin'ity boky masina coran ity ianareo, izaho mianiana amin'ilay mitazona ny fofon'ain'i Mouhammad eo am-pelatànany fa izy io dia mora mivaha mihoatra ny rameva amin'ny tadiny

Tatitra azo avy amin'i Abou Moussa Al-Ashariou (R.A), niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Mifikira amin'ity boky masina coran ity ianareo, izaho mianiana amin'ilay mitazona ny fofon'ain'i Mouhammad eo am-pelatànany fa izy io dia mora mivaha mihoatra ny rameva amin'ny tadiny ".
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nandidy i Mpaminany (S.A.W) amin'ny ffikirana amin'ny boky masina Koroany sy ny famakina azy matetika mba tsy hanadinoana azy taorian'ny nahaizany azy tsianjery tao am-pony, ary nanamafy i Mpaminany (S.A.W) tamin'ny fianianiana nataony fa ny Boky masina Koroany dia malaky mandeha sy mora miala ao am-po mihoatra ny rameva izay mifatotra, izay afatotra amin'ny tady eo afovoan'ny sandriny, raha tazonin'ny olona izany dia voatazony, ary raha avelany dia lasa ka very.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/5907